

ca 19-01-21  
see PV  
PV no 115  
✓ 2  
86



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-115

**LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA  
FAHAROAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2020.**

Fivoriana faha-29  
Natao ny  
- Zoma 18 Desambra 2020 -  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - RAHATANIRINA Lalao  
- RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Zoma 18 Desambra 2020 tamin'ny 10 ora sy 55 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2020.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

**Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy,  
Mitohy ny fivoriantzika.

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-pamaranana ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2020 izao.

langaviana ny Mpitantsoratra mba hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -

**Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina**

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Vita, Ramatoa Filoha.

**- KabarindRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny famakiany ny andininy faha-75 tao amin'ny Lalàmpanorenana izay.

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta,  
 Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona,  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena,  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta,  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina,  
 Andriamatoa Filohan'ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy,  
 Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy Tany Tan-dalàna,  
 Ramatoa Mediatoran'ny Repoblika,  
 Andriamatoa Talen'ny Kabinetran'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana,  
 Andriamatoa Sekretera Mpanatanteraka Mahaleotena Miahly ny Zon'Olombelona,  
 lanareo olona manan-kaja ambony sivily sy miaramila izay tonga manatrika etoana,  
 lanareo mpandraharaha namana mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena,  
 lanareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa,

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Masoandro mitsidika tendrombohitra hono, ka hazavàna no enti-mamangy. Rainilovy mamangy havana, hafaliana no zaraina. Tsidi-kavana mamatonalina e, manimanina ka dia tonga. Torak'izany ny antsika eto anio, ao ianareo faly manotrana, indreto izahay miran-tsidihina.

Koa faly hatrany izahay, Tompoko, ny miarahaba antsika rehetra amin'izao lanonampamaranana ny fotoam-pivoriana faharoa fanaon'ny Antenimierampirenena izao.

Ankoatr'izay arahaba izay dia hatsidika etỳ ampiandohana koa ny fisaorana antsika rehetra na vahiny izany na tompon-trano, fa maha-velombolo hatrany izao fanotronana maro izao. Isaorana Andriamanitra noho ny fotoan-dehibe nomeny antsika androany.

Eny ary, raha hirosoana avy hatrany ny tatitra mahakasika ny asa vitantsika teto nandritra izay roa volana, fotoam-pivoriana izay dia azo ambara avy hatrany fa maro tokoa ary saika vita araky ny tokony ho izy avokoa ny fandaharam-potoana narafitry ny Diniky ny Filoha na "Conférence des Présidents".

Volavolan-dalàna niisa Folo (10) no tonga teto amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena, ka ny sivy (09) tamin'ireo no lany soa aman-tsara. Volavolan-dalàna Iray (01) tamin'izany no nasiam-panitsiana niisa Iray (01). Volavolan-dalàna miisa Iray (01) izany no nahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihina azy dia ny «Projet de Loi n°017/2020 du 18/11/20 relatif à la Politique Culturelle Nationale».

Ny ampahany betsaka amin'ireo volavolan-dalàna ireo dia fankatoavana ireo famatsiam-bola marolafy hoentintsika hiatrehana ny asa fampandrosoana amin'ny taona 2021 sy ny taona manaraka any. Koa mba hampahomby izany dia tsy maintsy tandrovantsika hatrany ny fitoniana sy ny filaminana.

Tolo-dalàna niisa Valo (08) kosa no nipetraka teo amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena, ka ny Efatra (04) tamin'ireo no lany soa aman-tsara rehefa nasiam-panovàna. Ny Iray (01) tamin'izany dia nosintonin'ny Tompony dia ny «Proposition de Loi n°002-2019/PL relative aux professions et activités du cinéma». Ny Telo (03) kosa nahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana azy, dia ny:

-Tolo-dalàna mitondra ny Laharana faha-002-2020/PL «modifiant et complétant la Loi n°88-028 du 10/12/1988, tenant à renforcer la répression des vols de vanille».

-Tolo-dalàna mitondra ny Laharana faha-005-2020/PL «portant réorganisation de la filière de la vanille».

-Tolo-dalàna mitondra ny Laharana faha-008-2020/PL «portant régime de retraite parlementaire».

- Tolo-pehin-kevitra niisa Telo ambinifolo (13) no nipetraka teto amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena, ka ny Roa (02) tamin'ireo no lany soa aman-tsara rehefa nasiam-panitsiana ny Iray (01). Tolo-pehin-kevitra niisa Iraika ambinifolo (11) izany no nahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fandinihana azy.

- Tamin'ity indray mitoraka ity dia lany soa aman-tsara teo anivon'ny Antenimiera roa tonta koa, ny Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2021. Eto dia isaorana manokana ny fahamatoran'ny fiaraha-miasa mahakasika an'io teo amin'ny roa tonta. Izany hoe, ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona.

- Tehaka -

Maro ny teboka nisian'ny fanovàna tao anatin'io lalàna io, fa ny misongadina dia ireto:

-fanarenana ny tontolo ara-toekarena amin'ny alalan'ny fametrahana ho laharam-pahamehana ny famoronan'asa.

-ao koa ny fanohizana ireo ezaka entina manatratra ny fahatarana eo amin'ny lafiny fampandrosoana ny sehatra sosialy.

-ary fanamafisana ny hery enti-miatrika ny fahasahiranana eo amin'ny lafiny ara-bola amin'ny alalan'ny fanetsehana ireo loharanom-bola azo hetsehina.

Izay ny amin'iny, fa arak'ireny efa narahantsika tamin'ny Talata faha-15 Desambra 2020 teto ireny koa dia tontosa soa aman-tsara ny fihaonana teo amin'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka, izay naharitra Efatra ambinifolo (14) ora tsy niato. Iny no lava indrindra nandritra izay fametraham-panontaniana in-3 tato anatin'ity fe-potoana fanaovan-dalàna faharaon'ny Repoblika faha-IV ity.

Indro omena antsika Solombavambahoaka ny antsipirian'ny fihaonana natao tamin'io andro io mba hahafahanareo manatevina ny traikefa amin'ny fifanatrehana eo amin'ny roa tonta amin'ny manaraka.

Marihana ary fa niisa 107 ny Solombavambahoaka nandray fitenenana ka 500 no isan'ny fanontaniana napetraka tamin'izany; 328 tamin'ireo no voavaly nivantana, izany hoe 65,60%. Misarika ny saintsika angamba ny tenin'Andriamatoa Praiminisitra hoe: raha lanintsika teto fa hiandry ny valin'ny fanontaniana mivantana avy amin'ny Minisitra isika, 35 monja no isan'ny Solombavambahoaka naharitra hatramin'ny farany. Aoka hitazona ny fananganan-tànana izay nataontsika isika.

Tamin'ny fanontaniana nipetraka rehetra dia 399 no momba ny Distrika mivantana ary 101 no mikasika ny tombotsoam-pirenena iombonana kanefa raha ny tokony ho izy, tokony ho nifamadika amin'izany araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ao amin'ny Andininy faha-101, andalana faharoa.

Ankoatr'izay dia ny Solombavambahoaka voafidy tao Soanierana-Ivongo irery no nanome naoty ny asa nataon'ny Governemanta hatram'izay araka ny fahitany azy. Tsy azo sakanana isika Solombavambahoaka handrefy sy hanome lanja ny asan'ny Governemanta satria ny Lalàmpanorenana no manome fahefana antsika hanao izany.

Fanampin'izay, ny Solombavambahoakan'i Besalampy no afaka nametraka fanontaniana tamin'ny Minisitara maro indrindra, satria nahatratra 8 be izao ny Minisitara nanaovany izany tao anatin'ny fe-potoana 3 minitra izay nomena ny Solombavambahoaka.

Izany no ambara eto dia ny hanintsiansika sy hanamboarantsika ny metimety kokoa ny fandaharana amin'ny ho avy.

Ary nandritra ny fandraisam-pitenenan'ny Vondrona parlemantera tsirairay dia 4 ihany no fanontaniana voapetraka na dia nisy aza ny fanampim-potoana nomena azy ireo. Izany hoe, mbola afaka nametraka nihoatran'izany izy ireo. Dinihana ihany koa ny fandaminana izany amin'ny fotoana manaraka.

Raha aravona ny tombana nandritra ny fihaonana; amin'ny ankapobeny dia afa-nihoatra ny hamehana ara-pahasalamana ny Mpanatanteraka, ka betsaka hatrany ny asa vita ary tsy voasakana ny fanatanterahana ny Velirano, indrindra eo amin'ny lafiny fotodrafitrasa. Noho izany, maro ireo Solombavambahoaka no nankasitraka ny mpitondra. Tsapa koa, fa miroso tanteraka amin'ny Vina hoe: tsy misy Distrika hadino intsony hoy ny Governemanta, koa manantena ny Solombavambahoaka fa mba hahazo ny anjarany ireo izay mbola tsy nahazo ary hatao vaindohan-draharaha mihitsy aza izany. Mbola somary nanindry kosa ny Solombavambahoaka amin'ny tokony hijerena misimisy kokoa ny lafiny ara-tsosialy, ny rano fisotro madio sy ny jiro, ny lalana, ny tsy fandriampahalemana, ny fampianarana ary ny tontolo iainana indrindra indrindra.

Asiana tsindrim-peo eto ny fandraisana andraikitry ny Solombavambahoaka amin'ny fanentanana ny vahoaka amin'ny fiarovana amin'ny doro tanety satria vokatry ny fandroana tanety no mahatonga ny ranon'orana mihantona, ka izany no mahatonga koa ny hanoanana sy ny kere. Atsipy koa ny teny ho an'ny tomponandraikitra ao amin'ny Mpanatanteraka, ao amin'ny Minisitara miaro ny Tontolo Iainana mba tsy hihambahamba hiantso ny Solombavambahoaka rehefa tonga any an-toerana ianareo, fa vonona hiara-hitantsoroka aminareo izy ireo amin'ny famongorana ny ady atao amin'ny fanimbana ny tontolo iainana.

Ity resaka JIRAMA ity aloha, Tompoko, dia tena mampimenomenona olona maro tokoa; fa inona loatra no sakana tsy anoloana ireo tomponandraikitra tsy mahomby ao ireo, indrindra

amin'ny sehatra iankinan'ny aim-bahoaka sahala amin'ityny. Atsipinay izany teny izany, Andriamatoa Praiminisitra, ho re tany ho ren-danitra.

- Tehaka -

Mikasika ny fako eto andrenivohitra kosa, raha ny vahaolana heno dia miandrindra mafy ny hamerenana ny SAMVA hotantaniny hono ny Kaominina Antananarivo Renivohitra. Raha ny vaovao heno, efa tsy ho ela intsony izany famindram-pitantanana izany. Manantena mafy ny eto andrenivohitra fa ho voavaha tsy ho ela io olan'ny fako io, indrindra amin'izao ankatoky ny fety izao sy amin'ny andro ho avy koa.

Ary farany, raha eo amin'ny asa vita teto anivon'ny Antenimierampirenena dia nandray vahiny mpitsidika maro ny Birao Maharitra izay notarihinay nandritra izay roa volana izay, toy ny:

- Fihaonana tamin'ny Masoivoho Frantsay, Andriamatoa Christophe BOUCHARD, ny 7 Desambra 2020 teo;
- Ny Solotenan'ny EISA, Ramatoa RANOHEFY ANDREAS Jessica, ny 25 Novambra 2020;
- Ny "Chargé d'affaires en pied", Andriamatoa Benny Yvan Pieter SIAHAAN, avy amin'ny Repoblikan'Indonesia, ny 25 Novambra 2020;
- Ny Masoivoho vaovaon'ny Republique Populaire de Chine, Ramatoa GUO Xiaomei, tamin'ny 25 Novambra 2020;
- Ny Solotena vaovaon'ny FAO ho an'i Madagasikara, «Comores, Maurice» ary «Seychelles»; Andriamatoa Charles Mbuli BOLIKO, ny 25 Novambra 2020;
- Ny Governoran'ny Faritra Amoron'i Mania, Ramatoa MAMIARISOA Aline, ny faha 13 Novambra 2020;
- Ary ny tsy kely indrindra, tamin'ny faha 27 Oktobra 2020 dia ny delegasiona avy amin'ny rafitry ny Firenena Mikambana, izay notarihan-dRamatoa Charlotte FATY NDIAYE. Izany dia ho fanomanana ny fametrahana ny "Réseau Femmes Leaders Africaines".

Maro toy izany koa ireo fivoriana iraisam-pirenena natrehina tamin'ny alalan'ny "visio-conférence". Singanina amin'izany ny teo anivon'ny "Forum Parlementaire"-n'ny SADC, ka nahavoafidy ny Solombavambahoaka Malagasy roa (02):

- Ny Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Tsihombe, Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'arc dia voafidy ho «Vice-Présidente de la Commission Egalité Genre, Promotion de la Femme et Développement de la Jeunesse na ny «Gender Equality, Woman Advancement and Youth Development».
- Ny Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Betafo, Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Céléstin kosa dia foafidy ho «Vice-Président du FP SADC». Izy dia ao anatin'ny «Commission Développement Social Humain et des Programmes Spéciaux» na ny «Human Social Development and Special Programs».

Angatahana mba hitsangana ianareo, Tompoko.

Ialan-tsiny fa tsy maintsy natao izay fitanisana izay mba hoentina mampahafantatra antsika fa miroso tanteraka ny Antenimierampirenena ankehitriny amin'ny Diplomasia Parlemantera.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Miarahaba noho ny fahavitan'ny fifidianana Loholona tamin'ny faha-11 Desambra 2020 lasa teo, daty manan-tantara satria fahatsiarovana ny tsigerin-taona faha-10 nahaterahan'ny Repoblika faha-IV izay iainantsika izao.

Isaorana ny Solombavambahoaka rehetra izay nirotsaka antsehatra nanao ny asa fandresen-dahatra teo amin'ny mpifidy vaventy, ka nibatana ny amboaram-pandresena manezinezina amin'ny anaran'ny "majorité parlementaire" ao amin'ny Antenimierandoholona izany.

Isaorana koa ny Mpanatanteraka izay nanoro hevitra nanao tan-tsoroka.

Misaotra, indrindra Tompoko.

- Tehaka -

Raha eo amin'ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny kosa amin'ny maha vaninandro fety ankehitriny dia hanao "trève" kely angamba aloha isika eo amin'ny famakiana ny fanehoan-kevitra sy ny fizotry ny raharaha ara-politika eto amin'ny firenena. Tsapantsika ny mampavesa-danja izany satria tany mandala ny demokrasia isika; mihaino ny mpanohitra isika saingy tsy ho fanankianana be fahatany. Koa mba hanao "trève" kely isika amin'izao faran'ny taona izao.

Ny tsy maintsy ho resahana ankoatr'izay kosa dia ny trangam-piaraha-monina tato ho ato izay mampivarahontsana tokoa. Tsy inona izany, fa ity resaka fanolanana etsy sy eroa ity.

Raha ny teto Antananarivo fotsiny ohatra tamin'ity taona ity, nahatratra 322 ny trangam-panolanana ary 12 ankoatr'ireo dia fanolanana nataon'olom-pady, toy ny ray niteraka, na dadabe na raikely. Tohanana sy ankasitrahana tanteraka Ramatoa vadin'ny Filohampirenena amin'ny ezaka lehibe sy goavana amin'ny firotsahany antsehatra tsy mihambahamba amin'ny ady atao amin'ity fomba mamoa fady ity.

Amin'ny maha Mpitsara ny tenako dia azoko tokoa ny ezaka efa hirosoan'ny Fitsarana mahakasika azy io, amin'ny alalan'ny fampiharana hentitra ny didim-pitsarana sy ny fanamafisana ny famaizana. Torak'izany koa ny eo anivon'ny Mpitandrofilaminana amin'ny fandraisana andraikitra haingana; na ny Polisy na ny Zandary izany.

Tsara avokoa izany fandraisana andraikitra izany, saingy tsara lavitra mihoatra izay ny fisorohana mialoha ny heloka bevava mba tsy hisian'ny hiharan'ny fahavoazana na "victime". Koa satria efa tsy toy ny olona intsony ireo izay mahavita io heloka mamoa fady io ary toy ny tsy tompon'ny tenany mihitsy aza. Koa heverinay fa tokony hamafisina ny ezaka lehibe atao amin'ny ady amin'ny fidorohana zavamaha-domelina satria anisan'ny antony iray tena mampirongatra ny heloka rehetra, indrindra fa ity fanolanana zaza tsy ampy taona ity. Ady amin'ny fidorohana zavamaha-domelina no tokony hifantohana bebe kokoa amin'ny hisorohana izany. Rehefa hitsabo ihany, aleo ny vay no potserina avy hatrany mba hihongotra hatramin'ny fakany ny aretina.

Koa manantena isika, fa mba hanao fety sambatra eo amin'ny ankohonany sy ny fianakaviany ny ankizy Malagasy rehetra, ho lavitry ny herisetra sy ny fanolanana.

Araka ny fampitam-baovao avy amin'ny Polisy-pirenena azonay misahana io raharaha io, fa manana ny fitaovana araka ny lalàna harifomba isika hisorohana sy hiarovana ny zaza ary hamaizana ny mpanao herisetra ara-nofo. Entanina ihany koa ny olom-pirenena mba hitoroka raha misy ny fisian'ny tranga. Aza matahotra ny hitoroka satria efa misy lalàna sy

paikady hiarovana an'ireo olona mahasahy mijoro sy mitoroka ireny, fa tsy fotoana fanafenana ny fihetsika mamoa fady intsony izao. Efa nanaiky ny nanao Velirano fa handroso isika ary hamongotra ny lesoka sy ny ratsy rehetra.

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Fety ny andro ary hifarana ny taona ka vetsom-pirarian-tsoa no hameno ny lahateny amin'ity famaranana indray mitoraka ity.

Voizina koa ny fihavanana sy ny filaminana ary ny fitonian'ny tany sy ny firenena mba hahafahan'ny rehetra mifaly sy mifety amin'izao Noely sy Asaramanitra izao.

Eto dia mahatsiaro manokana ny havana any Atsimon'ny Nosy izay tratran'ny kere izahay. Deraina ny fitondram-panjakna amin'ny hetsika atao any, koa mankahery sy mitsodrano anareo izahay. Vonona ny Antenimierampirenena hanao tan-tsoroka miaraka aminareo, Tompoko. Miandrindra ny fametrahana ny fantsona fitarihan-drano goavana na ny "pipeline" ny mponina any sy ny fizaran-drano hahenika ny tsirairay amin'ny alalan'ny paikady narafitry ny Filoha, Andriamatoa Andry RAJOELINA.

- Tehaka -

Isika, ianareo, izahay Solombavambahoaka izay voakasika amin'iny faritra iny, ny Faritra Atsimo-Andrefana, Androy, Anosy hatraty Ihorombe dia mankahery anareo amin'ny fijoroana amin'ny ady atao amin'izany kere izany, eo anilan'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izay tarihin'Andriamatoa Praiminisitra sy ny fitondrana izay tarihan'Andriamatoa Filoha Andry RAJOELINA.

Mirary soa Tompoko ary mirary ny vahoaka Malagasy rehetra mba hanao fety sambatra, hieren-doza ao anatin'ny fandriampahalemana sy ny vidim-piainana azo iainana.

Ho anareo ao amin'ny fitondram-panjakana dia tokony hohafainganina ny fanapariahana ireo vary izay hiatrehana ity maintsoahitra ity satria efa fantatry ny rehetra ary hita fa misy io tahiry io.

Misaotra sy mankasitraka anareo Solombavambahoaka rehetra tsy ankanavaka tamin'ny fanatontosana ny adidy sy andraikitra teto.

Mirary soa ho anareo ho tsara miverina hitodi-doha any amin'ny Distrika nahavoafidy anareo tsirairay avy. Aza hadinoina koa ny manao tatitra amin'ny vahoaka amin'ny asa vitantsika teto mba tsy hahatompon-trano mihono azy ireo. Tena ho tsara sy ho tanteraka ny tatitra raha tomombana ny fitaovana hampiasain'ny Solombavambahoaka.

- Tehaka -

Koa miandry ampitoniana izahay ho fanomezam-boninahitra ny hasin'ity Andrimpanjakana ity sy ny hasin'ny firenena. Raha nisy fo somary nalahelo na fanahy reradreraka, aza ananantsiny ho anareo ao amin'ny fitondrana, fa mbola atsipinay ihany ny hetahetam-ponay, Tompoko, satria ny fitia mifamaly, mahatsara fihavanana.

- Tehaka -



Torak'izany koa, ianareo mpiasan'ny Antenimierampirenena iray manontolo, isaorana nahatontosana ny andraikitra antsakany sy andavany ka nahavitantsika izao fotoam-pivoriana izao.

Mifamela heloka isika raha toa ka nisy fifanoherana na koa fanafitohinana satria izay no mahavalala ao an-karona, fa iray ihany isika; koa hiaraka handray ny taona vaovao ampirahalaliana sy hifampitantana ihany koa.

- 4 -

- Fifaranan'ny fivoriana -

#### **Ramatoa FILOHA**

Izay no lava, izay no fohy fa hajanoko eto ny teniko; koa firarian-tsoa ombampitahian'Andriamanitra no arosoko ho antsika rehetra; manaova fety sambatra.

Misaotra Tompokolahy.  
Mankasitra Tompokovavy.

Ho ela velona anie ny Antenimierampirenena;  
Ho ela velona anie ny Repoblikan'i Madagasikara.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy, ambarako fa mifarana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena amin'ity taona 2020 ity.

Misaotra Tompoko.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona